

25 may 2010.
12 Sivan 5770.

Antso ara-paminaniana notsipahina.

« Ary noho izany dia lazaiko aminareo hoe: Hahazo famelan-keloka ny olona amin'ny ota sy fitenenan-dratsy* samy hafa rehetra; fa tsy hahazo famelan-keloka ny olona amin'ny fitenenan-dratsy* ny Fanahy Masina. » (Matio 12: 31)

« fa izay miteny ratsy ny Fanahy Masina kosa dia tsy mahazo famelan-keloka mandrakizay, fa miendrika hohelohina ny amin'ny ota mandrakizay izy; izany no nolazainy, » (Marka 3:29)

« Ary amin'izany, ..., dia tsy nandà ny fahitana avy tany an-danitra aho; » (Asan'ny Apostoly 26:19)

« Fa aseho avy any an-danitra ny fahatezeran'Andriamanitra amin'ny faharatsiana rehetra sy ny tsi-fahamarinan'ny olona izay misakana ny fahamarinana amin'ny fanaovan-dratsy, satria izay fantatra ny amin'Andriamanitra dia miseho ao am-pon'ireny, fa nasehon'Andriamanitra taminy.Fa ny fombany tsy hita, dia ny heriny mandrakizay sy ny mah'Andriamanitra Azy, dia miseho hatramin'ny nanaovana izao tontolo izao, fa fantatra amin'ny zavatra nataony; ka dia tsy manan-kalahatra ireo. » (Romana 1:18,19)

Fotoana fohy talohan'izay niheverana ny fiverenan'i Kristy,tamin'ny faramparan'ny taona 1844, Hazen Foss, zatovolahy manana talenta iray dia nahazo fahitàna mikasika ny vahoaka advantista ;ny fahoriana izay handalovany sy ny fandresena amin'ny farany ho azony. Naseho azy koa ny fitsapàna goavana izay hiandry ny mpino eo ampanakoakoana ny hafatr'Andriamanitra. Saingy tsy nanaiky hiantSOROKA io andraikitra io izy noho ny fahatahorany ho voaesoeso.Nolaviny mazava izany. Naseho azy fanindroany ny fahitàna ary nolazaina taminy fa raha mandà tsy hilaza izay zavatra hitany izy dia hesorina aminy io andraikitra io ary homena izay faran'izay osa amin'izay osa.

Taorian'ny fahadisoam-panatenàna dia mbola natolotra azy ihany io andraikitra io kanefa «nanapakevitra izy-na dia nitolona tamin'ny tenany manokana aza-fa tsy hiresaka momba izany fahitàna izany » Avy eo dia nisy eritreritra hafahafa nameno azy. Henony ny feo miteny aminy nanao hoe: "**Nanota tamin'ny Fanahy Masina ianao** " -- E. G. White *Letter 37*, 1890, citée dans *Messenger*, p. 30.

« Raiki-tahotra noho ny fandavany sy ny fivadihany izy dia nilaza tamin'ny Tompo fa hitantara ny fahitàna kanjo nony te hanao izany izy teo anatrehan'ny vondron'olona mpino iray dia tsy afaka satria hadinony tanteraka izany . Tao anatin'ny fahadisoam-panatenàna dia nikikiaka izy nanao hoe: "Vita ny amiko, tsy afaka miteny na inona na inona intsony aho, nandao ahy ny Fanahin'ny Tompo" Ireo izay nanatrika io fivoriana io dia nilaza fa izany no tena fotoana mhavarahontsana indrindra."-- Ibid

Teo amin'ny voalohandohan'ny taona 1845, Foss dia naheno an'i Ellen White niresaka ny fahitàna hitany voalohany tamina vondron'olona mpino tao Portland . Tadidiny ny famari-paritana natao taminy. Tamin'ny fivoriana maraina manaraka dia nilaza ny fanandramany izy izay tsy mbola henon'i Elle White mihitsy. « Mino aho hoy izy fa ireo fahitàna ireo dia ilay efa azoko kanefa nomena anao indray. Aza mandà ny hankatò an'Andriamanitra fa hampididoza amin'ny fanahinao ianao. Efa olom-bery aho. Nofidin'Andriamanitra ianao, matokia Azy eo ampanatanterahana ny asanao ary dia ho azonao ny satro-boninahitra izay tokony ho azoko » -- Ibid

Rehefa nampitoviany ny daty dia hitany fa taorian'ny nilazana azy fa hesorina taminy ny fahitàna no nandraisan'i Ellen White ny fahitàna voalohany. Tsy nampiseho faniriana mikasika zavatra ara-pivavahana intsony Hazen Foss avy eo. -- *Ellen White et le Don de Prophétie* p 30-31.

Io fanandramana tsy mahazatra io dia namela marika tsy mety fafaina tao an-tsain'i Ellen. Aza atao maivamaivana ny fangatahan'ny Fanahin'Andriamanitra. -- *Biography of Ellen G. White*, Vol. 1 p 67

